


**Andriamatoa Alphonse, Sekretera Jeneralin'ny SEFPONAM**

**NY FIVORIANA NIKASAINA ATAO AO AMIN'NY FIP ANTANIMORA DIA NAHEMOTRA HO AMIN'NY 02 FEBROARY 2019 AO AMIN'NY COMMUNE RURALE ANKARAOBATO. TSY MIOVA NY FANDAHARAM-POTOANA**








Io lohateny io no mahafehy ny fivoriana natao ny 12 Janoary 2019 lasa teo teny amin'ny Paositry ny Polisy ao Ankaraobato, izay notarihin'Andriamatoa Alphonse, Sekretera

Jeneralin'ny SEFPONAM.



1

**NY FITETEZAM-PARITRA ARA –TSENDIKALY NATAON'NY SEFPONAM NY FARITANIN'ANTANANARIVO**

TENY FAMPIDIRANA

Noho ny hetahetan'ireo polisy rehetra manerana ny nosy dia manapa-kevtra ny syndicat éveillefédéral de la police National malagasy na SEFPONAM, ny nanantanteraka fitetezam-paritra ara-tsendikaly ,mba nafahana nanentana an'ireo polisy isam-paritany hiditra ho mpikambana,sy ahafantatra ny maha zava'dehibe ny fidirana amin'ny fikambanana ara-tsendikaly.

Araka izany dia natomboka teto amin'ny faritanin'Antananarivo sy ny manodidina azy ny hetsika ka ny faritra Analamanga no, voalohany.Nanaraka ny faritr'Itasy sy Bongolava.Ary nofaranana tany amin'ny faritr'i Vakinakaratra izany.

Nanomboka tamin'ny faha 17 oktobra 2018 ny hetsika ,ka teto Analamanga tao amin'ny CSP8 Analamahintsy no nanaovana azy voalohany.


Rehefa izany dia notetezina avokoa ireo commissariats centraux telo dia avaradrano,atsimondrano ary andrenivohitra.Nanaraka azy ireo dia ireo commissariats maro samy hafa izay miparitaka eran'Antananarivo no tetezina ary ireo poste de police sasantsasany.Voatsidikay ihany koa ireo polisy teny amin'ny FIP Antanimora sy Primature.Tao aorinan'izany dia nandeha tany amin'ny faritr'iItasy sy Bongolava izahay.Ary namarananay azy dia ny faritr'i Vakinakaratrahatrany amin'ny distrikan'i Mandoto.Marobe ireo zavatra manahirana sy mampitaraina ireo, polisy izay nifampitafa taminay.Izany moa dia nahatonga azy ireo niara-nanandram-peo taminay ka nametraka an'ireto fitakiana maro ireto mba hanehoana eo anatrehan'ireo mpitondra sy mpitantana eo amin'ny minisiteran'ny polisim-pirenena sy ny fitondram-panjakana ireo zava-misy marina mampaharary ny polisy eto Madagasikara hataramin'izay ka hatramin'izao.

Ny tsara ho soritana anefa dia izao tsy mora ny fomba nanatanterahana ny fitetezam-paritra satria nila vola izany.Ny sendika anefa noho ny mbola fahavitsian'ny mpikambana dia tsy mbola nanana petra-bola ampy nafahana nisahana ny hetsika izay natao.Noho izany dia nanao hetsika fitadiava-mbola tao amin'nyCMMB Betonglo ny SEFPONAM tamin'ny 2 4Novambra 2018 mba hanangonam-bola hanantanterahana ny fitetezam-paritra saingy nampanahelo fa tena nidirana fatiantoka tanteraka io hetsika fitadiavam-bola natao io satria nanaovan'ny teo anivon'ny minisiteran'ny polisy sy ny tale jeneran'ny polisim'pirenena atsojay tamin'ny halalan'ny fanakanana an'ireo polisy tsy handray anjara.Noho izany haratsiam-panahy nataon'ireo lihibe izany dia voatery nianto-tena izahay nanatanterahana ny fitetezam-paritra izay tsy maintsy natao mba ho tombotsohan'ny polisim-pirenena. Marihina etoana anefa,fa miteraka fahavoazana hoan'ny sendika ireo fatiantoka vokatry ny hetraketraky ny lehibe izay tsy mijery afa tsy ny tombotsoany manokana,sady tsy mahay manetry tena fa matimatim-boninahitra ka tsy manatsaina afa tsy ny hanapotika ny ma dinika noho ny fitiavan-tena tafahoatra. Ny fihetsika toy izany dia mampiseho ny fanitsakitsahana ny zo ara-tsendikaly ny mpiasa sady fanitsakitsahana ny zon'olombelona araka ny voarakitra ao amin'ny lalàna iraisam-pirenena momban'ny asa (convention n°87 & 98 de l'OIT), izay azo enjehina araka ny lalàna ny fanaovana toy izany.(araka ny lalàna momban'ny asa n°2003-044 tamin'ny 28/07/2004 : Entrave à l'activité syndicale).

www.madagate.org




Ka rehefa samy nifampiarahaba tratr'ity taom-baovao 2019 ity ny rehetra dia raikitra fa hisy Fivoriam-be hotontosaina ao amin'ny FIP Antanimora, ny 23 Janoary 2019 manombokoa amin'ny 9 ora maraina.



www.madagate.org

SYNDICAT EVEILLE FEDERAL

DE LA POLICE NATIONALE MALAGASY

(PLATFORME)

FIANTSOANA FIVORIAM-BE

**Ilazana isika POLISY mpiara-miasa rehetra MANERANA ny NOSY na mpikambana na tsia ao anatin'ny SENDIKA mba ho tonga hanatrika ny fivoriam-be NASIONALY izay atao ao amin'ny FORCE D'INTERVENTION DE LA POLICE (FIP)Antanimora ny 23 JANOARY 2019 amin'ny 10 ora maraina .**

**Tongava maro fa zava-dehibe mikasika ny hoavin'ny asatsika Polisy no ho dinihina amin'izany.**

FANDAHARAM-POTOANA :

-09 ora ka hatramin'ny 10 ora :-Fandraisana ireo vahiny

-10ora ka hatramin'ny 11ora :Fanokafana sy fandraisana fitenenana hoan'ireo olona voatendry hanao izany.

-11ora ka hatramin'ny 12 ora : Tatitra mikasika ireo fitetezam-paritra ataon'ny birao nasionalin'ny sendika teto amin'ny faritanin'Antananarivo.

-12 ora 30 ka hatramin'ny 13 ora30 : Sakafo atoandro (mijanona kely)

-14 ora 30 ka hatramin'ny 16 ora 30: Hetsika fampisehoan-kery mivoaka eo ivelan'ny F.I.P (Manao branchard mena na fehiloha mena sady milanja penearte manodidina ny tokontan'ny FIP miaraka amin'ny hiaka sendikaly sy ny tsoka kiririoka)

Marihina etoana, fa HETSIKA FANAIRANA ihany aloha it atao ity mba ho FAMPAFATARANA ireo tompon'andraikitra eo anivon'ny POLISIM-PIRENENA sy ny FITONDRAM-PANJAKANA fa MISY POLISY NATIONALY eto Madagasikara.

POLISY,VANONA,VONONA,SAHY (V.V.S)

NY FILOHA SEFPONAM

NY SEKRETERA JENERALY

**Sary: Harilala Randrianarison**
**www.madagate.org**